REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# Songadina

MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA
2024



**Forum PF**
Notanterahina
tao amin'ny Carlton Anosy
ny 12, 13 Jolay 2024

*Raisin'ny Fitondram-panjakana ho adidy, araky ny fanamby napetraky ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA ny fiahiana ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy.*

Laharana 001
Daty nivoahana
Febroary 2025




# Hafatr' Andriamatoa Minisitra

*Ry mpamaky hajaina,*
*Ianareo mpisehatra rehetra amin'ny fahasalamana,*

*Nanomboka ny taona 2021 no nandraisako ny andraikitra maha Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka ahy eto Madagasikara ary maro ny tanjona napetraka tamin'izany.*

*Ny tondrozotra hita ao amin'ny politika ankapoben'ny Fanjakana dia miroso mankany amin'ny fijerena sy ny fampiroboroboana ny maha olona ary iarahantsika mahalala fa asa goavana sy mbola lavitr'ezaka izany.*

*Araka izany dia nojerena akaiky ny fanatsarana ny rafi-pahasalamana, ny kalitaon'ny fitsaboana eny anivon'ireo Tobim-pahasalamana manerana ny Madagasikara. Na dia efa maro ary ireo zava-bita dia tsapa fa mbola mila ezaka ny fanatsarana ny rafi-pahasalamana eto Madagasikara.*

*Misaotra ireo Mpiasan'ny fahasalamana rehetra manerana ny Nosy amin'ny fanatanterahina ny asa. Tsy mora ny fanatanterahina izany, nefa tsy mikely soroka ianareo manatanteraka izany. Ny tanjona dia ny hanome tolotra ara-pahasalama tsara kalitao ho an'ny vahoaka tsy an-kanavaka.*

*Professeur Zely Randriamanantany*

# FIZAHAN-TAKELA

02 **HAFATR'ANDRIAMATOA MINISITRA**

04 **POLITIKA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA**
Ady amin'ny aretina
Fandrindrana Fiainam-pianakaviana
Caravane Médicale

08 **ASA SOSIALY**
Ady amin'ny kolikoly
Fahasalamana manakaiky vahoaka
Varavarana misokatra

12 **FANDAHARAN'ASA**
Ady amin'ny vih / sida
Ady amin'ny tazomoka
Ady amin'ny homamiadana

16 **FAMPITAOVANA**
Tobim-pahasalamana
Mpiasan'ny fahasalamana
Fitaleavana misahana ny vakisiny
Seraseran'ny Ministeran'ny fahasalamana
Serasera eo anivon'ny faritra

20 **FANANGANANA SY FANAVAOZANA**
"Centre de Santé de Base" sy Hopitaly

22 **FANAMAFISANA TRAIKEFA**
Tale isan'ambaratonga
Mpiasan'ny fahasalamana eny anivon'ny Distrika

24 **FANAMBY**

25 **TETIARANA**



# ADY AMIN'NY ARETINA

## *AZO SOROHANA AMIN'NY ALALAN'NY FANAOVAM-BAKISINY*

*Tamin'ity taona 2024 ity dia, nitombo avo roa heny ny ezaka nataon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fanamafisana ny ady amin'ireo aretina azo sorohana amin'ny alalan'ny fanaovam-bakisiny eto Madagasikara.*



Nanasongadina izany ireto hetsika manan-danja vitsivitsy ireto :

***Big catch up :***
Nanao hetsika hanatratrarana ny famitàna vakisiny ireo zaza tsy mbola nisitraka izany tao anatin'ny dimy taona farany i Madagasikara. Na dia teo aza ny fanatsarana ny tahan'ny fandrakofana ny fanaovam-bakisiny ho ***86%*** tamin'ny volana desambra 2023, dia zaza malagasy latsaky ny dimy taona maherin'ny iray tapitrisa no mbola tsy vita vakisiny. Ny tanjona dia ny hamitàna vakisiny ireo mponina tsy mbola vita vakisiny ireo ary hiantohana ny fisitrahana ara-drariny sy maimaim-poana ny fahazoan'izy ireo vakisiny.

***Fitehirizam-bakisiny :***
Vokatry ny tohana avy amin'ny GAVI sy UNICEF dia i Madagasikara no manana ny toeram-pitehirizam-bakisiny lehibe indrindra eto Afrika ho an'ny Fandaharan'asa fampivelarana ny vakisiny. Notokanana tamin'ny volana aprily 2024 ireo fotodrafitrasa vaovao izay mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena ka isan'ny mandray anjara betsaka amin'ny fanamafisana ny fandrakofana amin'ny fanarahana ireo tetiandro fanaovana vakisiny eto amin'ny firenena ny fananana izany fotodrafitrasa matanjaka izany.

***Fanamafisana ny fanaovana vakisiny mahazatra :*** Nitsidika an'i Madagasikara ny delegasiôna avy amin'ny ***''Global Polio Eradication Initiative'' (GPEI)***, hanamafy ny fanaovana vakisiny mahazatra sy hiadiana amin'ny lefakozatra. Ity fitsidihana ity dia mikendry ny hampitomboana ny fandrakofana ny fanaovam-bakisiny eto amin'ny firenena.

***Fampiofanana :***
Ny Vondrona Iraisam-pirenena misahana ny Fahasalamana dia nanome fiofanana ho an'ireo tanora nahazo diplaoma ara-pitsaboana miisa ***40*** mahakasika ny fanaraha-maso ny fanaovam-bakisiny mahazatra. Hapetraka eny an-kianja ireo tanora matianina ireo, hanohana ny hetsika fanaovam-bakisiny iadiana amin'ny lefakozatra.

***Ady amin'ny POLIO na lefakozatra :***
Hetsika fanaovam-bakisiny faobe andiany roa no tontosa tamin'ny volana may sy Jolay 2024 ity. Nampiarahana tamin'ny fizaràna fanafody faobe iadiana amin'ny filariôzy sy ny ongobe ny andiany voalohany ary niampy fizaràna vitamina A hoan'ireo zaza tsy nisitraka izany tao anatin'ny enim-bolana farany kosa ny andiany faharoa. Marihana fa nifantoka tamin'ny fanaovam-bakisiny ireo zaza sy ankizy 0 ka hatramin'ny 15 taona ireo hetsika roa ireo.

***Fanentanana fanaovana vakisiny iadiana amin'ny COVID-19 :***
Nanamarika herintaona nanaovana vakisiny COVID-19 i Madagasikara, ka olona 1.181.160 no vita vakisiny tanteraka. Nisy ny fampielezan-kevitra faobe mba hampitomboana ny fangatahana vakisiny

***Paikady ara-tserasera :***
Nikarakara dinika atrikasa iadiana amin'ny fisalasalana amin'ny fanaovana vakisiny ny *Institut Pasteur de Madagascar (IPM)*. Nohavaozin'izy ireo nadritra izany ny drafitra paikadim-pifandraisana nasiônaly amin'ny fanaovam-bakisiny ho an'ny taona 2023-2027.

# FANDRINDRANA FIAINAM-PIANAKAVIANA
## *ANTOKY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA*

*Ny Fijerena ny maha olona dia tafiditra ao anatin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakana ankehitriny, ary manana anjara lehibe amin'ny fanatanterahina izany ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fitsaboana indrindra ny fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza latsakin'ny 5 taona.*

Nisy araka izany ny fanatanterahana ny **hetsika 100 andro** ho an'ny Fandrindrana ny Fiainam-Pianakaviana izay natao manerana ny Nosy, nahampafantarana sy nanomezana tolotra maimaimpoana mahakasika ny Fandrindrana ny Fiainam-Pianakaviana amin'ny ankapobehany.

Teo ihany koa ny Fihaonam-be Fasionaly na ***"FORUM NATIONAL"*** mahakasika ny Fandrindrana Fiainam-Pianakaviana. Tanjon'ny Fitondram-panjakana amin'izao hetsika izao ny hatratrarana ***5 100 000*** ireo mpisitraka ny tolotra hatramin'ny taona 2028, ka ho atao maimaimpoana avokoa ny fistrahana izany maneranan'ny Nosy.

Tao aorian'ireo hetsika ireo dia nahatratra hatramin'ny ***55,67%*** ny tahan'ireo olona resy lahatra tamin'ny fampiasana ny Fandrindrana Fiainam-Pianakaviana manerana ny Nosy ny taona 2024, raha ***39%*** izany tamin'ny volana desambra 2023.
Zava-dehibe ny fandrindrana sy ny fanohanana ny fianakaviana amin'ny lafiny ara-piainana sy ara-tsosialy ary indrindra fanehoana ny fahavononan'ny Madagasikara amin'ny fiaraha-miasa maneran-tany amin'ny Fandrindrana ny fiterahana.



# CARAVANE MÉDICALE

## *NY TAONA 2024 IZAY NITODIHANA TAMIN'NY FARITRA MARO MANERANA NY NOSY*

*Fitondram-panjakana mijoro ankehitriny manome lanja ny maha Olona, Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka manakaiky vahoaka, izay natomboka tamin'ny 2019 teo ambany fiahian'i Ramatoa Mialy Rajoelina, vadin'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, dia nanatanteraka ny Caravane 2024 izay nitodihana tamin'ny faritra maro manerana ny Nosy.*




Manamafy hatrany ny maha-zava-dehibe ny maha Olona izay harena voalohany ananan'ny firenena iray izao hetsika izao satria tena tafiditra anaty politika ankapoben'ny fanjakana ankehitriny ny fanatanterahana izany Caravane médicale izany.

Ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA, dia efa nanome baiko ny Governemanta izay tarihin'ny Praiministra, Andriamatoa NTSAY Christian, mba hijerena ireo paikady rehetra ahafahan'ny vahoaka misitraka malalaka izany tolotra ara-pahasalamana maimaim-poana izany. Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, izay tarihan'ny Profesora RANDRIAMANANTANY Zely Arivelo dia miezaka ary vonona mandrakariva manatanteraka izany mba hipaka eny amin'ny vahoaka ny ezaka atao.
Ho an'ny taona 2024, Distrika **9** no nandalovan'ny Caravane Médicale ary vahoaka manodidina ny **241 008** no nisitraka izany mivantana ary **724 000** latsaka kely no isan'ireo olona voaentana amin'ny tokony hananana fomba fiainana manaraka ny fenitra ara-pahasalamana.

Tolotra maro no nositrahana tamin'izany, toy ny Fisorohana, Fitiliana, fanentanana, fandrindrana ny fiainam-piainakaviana, fitsaboana nify sy ny ati-vava, fanaovana solo-nify, karazam-pitarafana, fijerena ny homamiadan'ny nono, fijerena sokajin-drà sy fanomezan-drà, fitiliana ny tsifanjariantsakafo, ny fanaovam-bakisiny, fanomanana ny fiterahan'ny vehivavy bevohoka, fanomezana fanafody, fizahana maso, fandidiana ny hernie, fandraisana sy fihainoana ny herisetra mianjady amin'ny mahalahy sy ny mahavavy, sy ny maro hafa no nomena ny vahoaka maro.


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
OBLIKAN'I MADAGASIKARA
ana - Tanindrazana - Fandrosoana

# FANOMEZAN-DANJA NY MAHAOLONA
## *EO AMIN'NY SEHATRY NY FAHASALAMANA*

Tsy mitsaha-mikendry ny hanatsarana hatrany ny fahasalaman'ny Malagasy ny Fitondram-panjakana, amin'ny alalan'ny asa tanterahan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka. Manohana an'i Madagasikara amin'izany ny Banky iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fandaharan'asa 10 taona (2018-2028), ho fanatsarana ny loharanon-karena sy ho fanomezan-danja ny mahaolona. Tanjona amin'izany ny fanamafisana ny fiarovana ara-pahasalamana eo amin'ny vehivavy sy ny ankizy.

Misy ny fandaharan'asa hanamafisana ny fanjariantsakafo sy ny fiahiana ara-pahasalamana, natao hampihenana ny taham-pahafatesana sy ny fahataran'ny fitomboan'ny zaza, koa tao anatin'ny roa taona voalohany dia vehivavy sy ankizy maherin'ny ***680 000*** no nahazo tombony tamin'ny fipakan'ny fandaharan'asa.

**VEHIVAVY SY ANKIZY**
**680.000**
**NAHAZO TOMBONY**




Nohatsaraina ny fandaharam-pianarana ho fampiroboroboana sy ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasan'ny fahasalamana teny anivon'ny Sampam-pampiofanana ho mpitsabo eny amin'ny Anjery manontolo sy ny Ivo toeram-pampiofanana Nasiônaly hoan'ny Fahasalamam-bahoaka eny ifotony ***'' INSPC(Institut National de Santé Publique et Communautaire) ''***.

Ireo fanavaozana ireo dia nanampy tamin'ny fampitomboana ny fisitrahana ny tolotra ara-pahasalamana sy ny fiahiana ara-tsakafo, ny fandresena ireo sakana toy ny teritery ara-bola, ny halaviran'ny tobimpahasalamana ary ny tsy fahampian'ny fampahalalana momba ny fikarakarana sy ny fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fiahiana ara-tsakafo.







# ADY AMIN'NY KOLIKOLY
## *EO AMIN'NY SEHATRY NY FAHASALAMANA*

*Tena zava-dehibe ny ady amin'ny kolikoly eo amin'ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara, ahazoana miantoka ny fisitrahana fahasalamana mendrika sy ara-drariny. Tsy vitsy ireo fandaharan'asa sy tetik'asa misahana sy mikendry ny fanatsarana ny sehatry ny fahasalamana lavitry ny kolikoly.*

Ohatra amin'izany ny :

Ny tetikasa ***MAIKA*** *(Malagasy miAdy Isan'andro amin'ny Kolikoly sy ny Amboletra)*. Eto Madagasikara dia mikendry ny hiadiana amin'ny kolikoly eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny fanabeazana ary ny fitsarana hahazoana manatsara ny fanatanterahana ny zon'olombelona. Eo amin'ny tontolon'ny fahasalamana dia misehatra amin'ny fanadiovana sy ny fanatsarana ny rafi-pahasalamana malagasy, hisian'ny fangaraharàna amin'ny fisitrahana zo ara-pahasalamana ara-drariny hoan'ny rehetra Ity tetikasa ity, izay tohanan'ny Vondrona Eoropeanina ary ampiarina amin'ny faritany enina eto Madagasikara mandritra ny 30 volana.

Fandaharan'asa ***MIARINA*** : Vatsin'ny Global Affairs Canada *(GAC)*, mifantoka amin'ny fanatsarana ny fidirana amin'ny tolotra fahasalamana ho an'ny vehivavy, sy ny tovovavy ary ny vondrona marefo. Ny ady amin'ny kolikoly eo amin'ny sehatry ny fahasalamana no ivon'ity tetikasa ity, izay maharitra efa-taona.



# FAHASALAMANA MANAKAIKY VAHOAKA

## *TOLOTRA MAIMAIMPOANA HO AN'NY REHETRA*

*Ao anatin'ny fanatanterahana ny politika ankapoben'ny fanjakana "Fijerena ny maha-olona", ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka de manohy ny fidinana ifotony amin'ny alalan'ny hetsika Fahasalamana manakaiky vahoaka.*




Tsy voafetra intsony ho eny amin'ny tobim-pahasalamana ireo tolotra fa aterina mivantana eny ifotony, ahafahan'ny rehetra misitraka izany maimaimpoana.

Nanomboka tamin'ny taona 2019, ity hetsika ity dia efa nentin'ny Fanjakana nanerana ny Nosy ka nitohy hatramin'izao.

Nandritra ny taona 2024 dia olona maherin'ny ***1 153 948*** no nahazo tombontsoa tamin'ireo tolotra ara-pahasalamana marolafy, fanafody, ary torohevitra maro isan-karazany.

Ity ezaka lehibe ity dia manaporofo ny fahavononan'ny Fanjakana hanatsara ny fahasalamam-bahoaka amin'ny alalan'ny tolotra mifanaraka amin'ny filàn'ny vahoaka.



# VARAVARANA MISOKATRA

## *HO AN'NY VAHOAKA TENY ANIVON'NY HOPITALIM-PANJAKANA MANERANA NY NOSY*

" NY FAHASALAMANA NO VOALOHAN-KARENA

*Manao ezaka goavana ny Fitondram-panjakana, amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, manome tolotra ara-pahasalamana* ****maimaimpoana****, *izay misokatra ho an'ny Malagasy rehetra, tsy ankanavaka.*




Ny hetsika " **Varavarana Misokatra** " dia natao hanomezana fahafahana lehibe ny vahoaka hizaha sy hanara-maso ny fahasalamany, tsy misy sarany.

Tolotra maro no hita nandritra izany toy ny

- **Fitsaboana nify**
- **Fitiliana diabeta**
- **Fitiliana ny hatavezana**
- **Fizaham-pahasalamana ankapobeny**
- **Fisafoana sy echographie ho an'ireo vehivavy mitondra vohoka**
- **Fizahana maso**
- **Didim-poitra**
- **Fanomezan-drà**
- **Fandidiana**
- **Torohevitra ara-pahasalamana isan-karazany**



## VOKATRA

**282 956**

**IREO MPISITRAKA NY TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA MAIMAIMPOANA TENY ANIVON'NY HOPITALIM-PANJAKANA NANDRITRA NY VARAVARANA MISOKATRA.**

Ho fanamafisana ny fampandrosoana maharitra eto amin'ny Firenena dia zava-dehibe tokoa ny hetsika toy izao ary manome lanja ny fikarakarana ny fahasalamanan'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka.

# ADY amin'ny VIH / SIDA

*" Teo ambany fiahian'ny vadin'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Ramatoa Mialy RAJOELINA no notanterahina ny Talata 22 Oktobra 2024 teny amin'ny CCI Ivato ny Fihaonambe faha-20 mahakasika ny VIH/SIDA eto amin'ny Ranomasimbe Indianina izay naharitra telo (3) andro.*

Areti-mandoza mila sakanana haingana ny fiparitahany ny VIH/SIDA koa izany antony nanatanterahana ny fihaonambe ho an'ireo rehetra misehatra amin'ny ady amin'ny VIH/SIDA eto amin'ny ranomasim-be Indianina. Tanjona tamin'izao hetsika izao ny hisian'ny fifanakalozana amin'ny traikefa, ny voka-pikarohana sy ny paikady vaovao entina iadiana amin'ny tsy hiparitahan'ity aretina ity eto amin'ny Ranomasimbe Indianina.

Nisongadina ihany koa ny fampivoarana ny sehatry ny fahasalamana amin'ny fampiasana teknolojia ara-kajy mirindra, izay hanatsarana ny fandraisana an-tanana sy hampitomboana ny kalitaon'ny fitsaboana, indrindra amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia avo lenta.



# ADY AMIN'NY TAZOMOKA

"

*Napetrak' Andriamatoa Filoham-pirenena Andry RAJOELINA ho isan'ny Politika ankapobeny ny Fanjakana ny fijerena ny maha-olona ary andry iankinan'izany ny fananana vahoaka salama amin'ny alalan'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana eto Madagasikara, tafiditra ao anatin'izany ny ady amin'ny tazomoka.*



Ny taona 2024 dia nihena hatramin'ny **19%** ny tahan'ny tazomoka eto Madagasikara. Ny drafitra stratejika nasionaly kosa dia mikendry ny hampienana ny tahan'ny fahafatesana ho **5,9%** tamin'ny taona 2024 ary **0,2%** amin'ny taona 2027.

Anisan'ny paikady napetraky ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fampihenana ny tahan'ny tazomoka ny famendrahana ranom-panafody ary tokantrano miisa **109 292** tao amin'ny Distrikan'Isandra, Ivohibe, Ankazoabo ary Ikalamavony, izay Distrika ambony tahana tazomoka no nisitraka izany.

Ankoatr'izay dia nisy ihany koa ny fizarana lay misy odimoka maimaimpoana miisa **2,9** tapitrisa maneranan'ny **105** Distrika.

Tanjona amin'ny fisian'ireo hetsika ireo ny hiarovana ny vahoaka amin'ireo aretina azo sorohana.








# AFAKA TSABOINA NY HOMAMIADANA

## *RAHA VOATILY ARA-POTOANA*

***Mbola mipetraka ho olana ara-pahasalamana goavana ny homamiadana satria mbola ambony ny tahan'ireo vehivavy fantatra fa tratran'ny homamiadan'ny nono sy ny vozon-tranon-jaza eto amintsika, maro ny ezaka izay tanterahin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka hanatsarana ny fandraisana an-tànana ny homamiadana eto Madagasikara ary tsy mitsahatra ny mikaroka vahaolana ahafahana mahazo vokany tsara amin'ny ady atao.***




Maro ny fisorohana tokony atao, hiadiana amin'ireo karazana homamiadana, indrindra ireo mpahazo ny vehivavy. Fantatra fa mbola maro ireo vehivavy namoy ny ainy vokatry ny homamiadan'ny nono sy tranon-jaza eto Madagasikara, antony mahatonga izany ny fahataran'ny fandraisana an-tànana, nefa mora ny fitsaboana raha voatily ara-potoana ary efa maro dia maro ireo sitrana tanteraka amin'izany eto Madagasikara.
Ho fanampiana ireo voan'ny homamiadana sy hanamaivanana azy ireo dia maro ny hetsika fitilina maimaimpoana ny homamiadana izay nokarakarain'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka miaraka amin'ireo Mpiaramiombonantoka aminy izay notanterahina manerana ny Nosy.

Ankoatr'izay, mandritra ny volana ôktôbra, dia misy ilay antsoina hoe : **« Octobre Rose »**, izay hitiliana maimaim-poana ny homamiadan'ny nono sy ny vozon-tranon-jaza ihany koa. Tena ilaina, noho izany, ny fanaovana fitiliana mba hahafahana mandray an-tanana haingana.


SKYTRON
SKYTRON
3
4
5





# HO FANATSARANA

## *NY TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA*

*Ny Fitondram-panjakana dia miroso hatrany amin'ny fanatanterahana ny politika ankapobeny amin'ny "fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana " ho an'ireo vahoaka Malagasy satria antoky ny fampandrosoana maharitra ny fananana vahoaka salama.*

*Tsy nikely soroka arak'izany ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka nikaroka sy nikatsaka izay fomba rehetra hitondrana rafi-pahasalamana tsara kalitao sy manara-penitra na an-tanan-dehibe na any amin' ireo toerana saro-dalana. Tsy nisy tombo sy hala fa nisitraka izany avokoa ireo Faritra rehetra arak'izay filàna tandrify azy ary tsy hisy intsony ny Distrika ho adino.*











## *FAMPITAOVANA NY TOBIM-PAHASALAMANA :*

Tsy natao ambanin-javatra ihany ko anefa ny famatsiana ireo fitaovana tena ilain'ny marary eny anivon'ireo tobim-pahasalamana maro manerana ny Nosy:

- **Moniteurs de surveillance : 750 Scope multi paramétrique sy 120 ECG**
- **Appareil endoscopique haute et basse**
- **Matériels techniques bio médico- chirurgical**
- **Mammographie miisa 2**
- **Générateur d'oxygène miisa 11**
- **Fitaovana entina manaramaso ireo valan'aretina**
- **Fiara mpitondra marary tsy mataho-dalana 20 isa no nozaraina tamin'ireo Distrika "SDSP" manerana ny Nosy**
- **Vata fitehirizam-bakisiny mandeha amin'ny herin'ny masoandro miisa 379**
- **Jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro**
- **Seza ho an'ireo manana fahasembanana**
- **Chaise visiteurs**
- **Paravent**
- **Fanaka birao**



## FAMPITAOVANA IREO MPIASAN'NY FAHASALAMANA :

Manana zo ho salama ny vahoaka any amin'izay toerana misy azy tsirairay, fahasalamana manakaiky vahoaka no fanamby entina tamin'iny taona 2024 iny ka tsy nojerena fotsiny ireo mpiasan'ny fahasalamana amin'ny fanatanterahana ny asany fa notolorana

- ▹ **Fiara,**
- ▹ **Solosaina,**
- ▹ **Moto,**
- ▹ **Bisikileta,**
- ▹ **Bajajy,**








## FANATSARANA NY SERASERAN'NY ETO AMIN'NY MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA :

Ho fanamafisana ny fifandraisana amin'ny vahoaka sy ny mpiasa ao aminy, dia natao laharam-pahamehana ny fanatsarana ny serasera eto anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka. Manana anjara lehibe amin'ny fiainam-bahoaka ny fampahafantarana ireo asa vita sy ny vaovao misongadina eo amin'ny sehatry ny fahasalamana. Fitaovana mitentina ***77 944 dollars*** no natolotra ho an'ny Fitaleavana mandrindra ny Serasera.
Ho fanamafisana izany dia nohatsaraina ny tranokalan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka www.msanp.gov.mg.




## FANATSARANA NY SERASERA EO ANIVON'NY FARITRA

Ny fampitam-baovao ara-potoana sy mari-pototra no andry handrosoana haingana hanatsarana ny tontolon'ny fahasalamana. Ny serasera no afahana mampita ireo asa sy dingana vita ary ireo tanjona sy vina mbola ho tratrarina. Nisy arak'izany ny fanomezana fitaovana raitra hoan'ireo **Faritra 23** hanatsaran'izy ireo ny serasera eny ifotony.

- **Efijery**
- **Solosaina**
- **Fanamafisam-peo**
- **Fandraisam-peo**
- **Fakantsary sy kojakoja miaraka aminy**



# FANANGANANA SY FANAVAOZANA

## *FANANGANANA NY TRANO NY FITALEAVAM-BAKISINY SY NY TRANO FITEHIRIZAM-BAKISINY :*




Trano manara-penitra mirefy ***4500 m²*** tsy misy toa azy manerana ny Afrika no notokanan'Andriamatoa Filoham-pirenena Andry RAJOELINA mivady teny Ivato, Antananarivo ho entina hampiroboroboana ny fanaovam-bakisiny eto Madagasikara.



# CSB(CENTRE DE SANTÉ DE BASE) SY HOPITALY



*Ho fanatsarana hatrany ny rafim-pahasalamana misy eto Madagasikara, dia nosokajiana ho laharam-pahamehana ny fanatsarana ny kalitaon'ny fitsaboana eny anivon'ireo "Centre de Santé de Base" sy ny Hopitaly manerana ny Nosy.*

Misy sokajy sy ambaratonga izay mampiavaka azy manokana nefa ny "Centre de Santé de Base" sy ny Hopitaly.

Ny ***CSB*** na ***" Centre de Santé de Base "*** dia Tobimpahasalamana fototra napetraky ny Ministeran'ny fahasalamana eny anivon'ny Fokontany manerana ny Nosy, maro ireo "Centre de Santé de Base" navaozina sy notokanana ary mbola maro ihany koa ireo andalam-pahavitana ankoatra ireo efa mijoro izany.

Ny "Centre de Santé de Base" no mandray an-tanana ireo marary eny anivon'ny fokontany ary mandefa azy ireo eny amin'ny hopitaly lehibe raha ilaina izany.
Ireto avy ireo tolotra ara-pahasalamana hita eny anivon'ny "Centre de Santé de Base" :

- **Fizaham-pahasalamana amin'ny ankapobeny**
- **Fampianarana sy torohevitra momba ny fahasalamana**
- **Fanaovana vakisiny**
- **Fisafoana**
- **Fiterahana**
- **Fandrindrana fiainam-pianakavina**
- **Fanjarin-tsakafo**

*Ireo rehetra ireo dia maimaimpoana avokoa*
Ny ***CHRD*** na ***« Centre Hospitalier de Référence du District »***, araka izany anarany izany dia Hôpitaly eny anivon'ny Distrika. Raha ny antana-tohatra mikasika ny Tobimpahasalamana no jerena dia ny CHRD no Tobimpahasalamana eo ambonin'ny "Centre de Santé de Base".
Ny CHRD izany no mandray an-tànana ny fitsaboana



ny CHRD, toy ny :
**Fandraisana an-tanana ny vonjy taitra (Accueil-Triage-Urgences)**
**Fitsaboana ankapobeny (Médecine générale)**
**Fiiterahana (Maternité)**
**Fitarafana (Radiologie)**
**Fitiliana (Laboratoire d'analyse médicale) sy famindrana ra (Centre de transfusion sanguine**
**Fivarotana fanafody (Pharmacie)**
**Toerana manokana fandoavana ny saram- pitsaboana (Cession).**
**Ary ny Toerana fandidiana (Bloc opératoire) ho an'ny CHRD II.**

Ankoatr' izay dia manao fizaham-pahasalamana (Consultation générale, Consultation externe) ihany koa ny eny anivon'ny CHRD.

Ny Fitondram-panjakana ankehitriny, amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ireo mpiaramiombonantoka aminy dia manohy hatrany ny ezaka amin'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana eny anivon'ny CHRD manerana an' i Madagasikara, na amin'ny lafiny kalitaon'ny fandraisana izany, na ny lafiny fanamafisana ny traikefan'ny mpiasan'ny fahasalamamana, eo ihany koa ny fampitaovana sy fikolokoloana ny fananana iombonana




- **Hopitaly Manara-penitra miisa 11 no efa mitsangana** : Maroantsetra, Manandriana, Ambohimahasoa, Vohibato, beloha, Androy, Mampikony, Mandritsara, Analalava, Ankilizato, Maintirano ary Vondrozo
- **Ireto andalam-pahavitana** : Ivohibe, Farafangana, Vangaindrano, Manakara, Ambatondrazaka, Antsalova, Tanambao/ Manampotsy, Ambositra, Ihosy (**9** no eo andalam-pahavitana)
- Vita manodidinan'ny **20%** dia : Ambovombe, Mananara nord, Amboasary, Itaosy, Mananjary, Bekily, Ampanihy, Sambava ary Ambilobe (**9**)

Anivorano nataon'ny Primatiora fa ny fanohizana azy no raisin'ny Ministera an-tanana



# FANAMAFISANA
## *NY TRAIKEFAN'NY MPIASAN'NY FAHASALAMANA*









### *Jona 2024 : Fifanakalozana sy fanamafisana traikefa teo amin'ireo lehiben'ny Fitaleavana tany Rwanda :*

Ho fanatsarana hatrany ny tolotra ara-pahasalamana eto Madagasikara dia nisy fifanakalozana traikefa teo amin'ny Ministera roa tonta, ka ny lehiben'ny Fitaleavana foibe rehetra sy ireo teknisiana isan'ambaratongany miasa mahakasika ny DHIS2 eto anivon'ny Ministeran'ny fahasalamam- bahoaka no nandray anjara tamin'izany

Ny fomba famakafakana ireo antontan'isa amin'ny alalan'ny DHIS2 no anisany nodinihina tamin'izany. Zava-dehibe amin'ny fanafaingànana ny fandraisana fanapahan-kevitra tokoa ny fananana antotan'isa mari-pototra mba ahafahana manatsara hatrany ny fandraisana fahanapan-kevitra ho fanatsarana hatrany ny fahasalamam-bahoaka.

Ny fifanakalozana traikefa toy izao dia entina hampiroboroboana sy hanavaozana ary hanamafisana ny fomba fiasa eo amin'ny Fitaleavana tsirairay.

### *Novambra 2024 : Fanatsarana ny Rafi-pitantanana Momba ny Fahasalamam-bahoaka*

Ho fanatsarana ny fitantanana sy ny fandrindrana ny asa eto anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Tale mpitantana eny anivon'ny Foibe sy ny Faritra dia nandalo fiofanana manokana momba ny haitarika na « leadership » tao amin'ny sampam-piofanana INSCAE teto Antananarivo.

Ny fiofanana dia natao hanamafisana ny fahaiza-mitarika, ny fahaiza-mandray fanapahan-kevitra ary ny fahaiza-mitantana amin'ny fomba mahomby. Tanjona amin'izany ny hananana tompon'andraikitra mahay sy matanjaka, handray andraikitra lehibe amin'ny fananganana rafitra ara-pahasalamana maharitra mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena, ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy.

## Desambra 2024 - Fiofanana ho fiatrehana ny valan'aretina "FRONTLINE ONE-HEALTH"

Ny fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka no tanjona napetrakin'ny Fitondram-panjakana ka tsy nisalasala arak'izany ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka nanamafy ny traik'efa sy fahaiza-manaon'ireo mpisehatra ao aminy mba hahafahan'izy ireo miantoka ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy.

Mpiasan'ny Fahasalamana ***50*** isa avy any amin'ny Faritra sy Distrika no nahazo fiofanana manokana mahakasika ny fiatrehana sy fisorohana ny valan'aretina. Izany dia mba hafahana manamafy ny fiarovana ny vahoaka Malagasy amin'ny fisian'ny valan'aretina.



## Fanamafisana traikefa ho an'ireo mpitsabo mpandidy eny anivon'ireo Distrika roapolo (20) saro-dalana

Ho fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka sy hanamaivanana ny adin-tsaina ary ny fahasahiranana amin'ny fidirana amin'ny fitsaboana sarotra eny anivon'ireo faritra saro-dalana, dia natao ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpitsabo mpandidy amin'ireo Distrika roapolo (20) : Anjozorobe, Soanierana Ivongo, Antsalova, Ambatofinandrahana , Manandriana, Beroroha, Ankazoabo Sud, Amparafaravola, Andilamena, Maroantsetra, Ambatomainty, Nosy Varika, Fandriana, Ankazobe, Fenoarivo Be , Sainte Marie, Amboangibe, Ampanihy, Anosibe an'Ala et Benenitra.

Aorian'izao fiofanana izao, dia tsy voatery handeha lavitra intsony ireo mponina satria efa manana traikefa sy fahaizana ampy ireo mpitsabo eo an-toerana hanome fitsaboana sahaza.



# FANAMBY


- **FANDRINDRANA FIAINAM-PIANAKAVIANA** :
Tanjona ny hampiakatra ny tahan'ny fampiasana mitohy ny Fandrindrana Fiainam-Pianakaviana.
- **FITANDROVANA NY KALITAON'NY FANAFODY** :
Ho tohizana hatrany ny tolotra ara-pahasalamana , sy fitandrovana ny ain'ny mpanjifa amin'ny alalan'ny fampanjakana ny rafitra misehatra amin'ny fivarotam-panafody **(Farmasianina Inspektora).**
- **TAHIRIM-BOLA HO AN'NY VONJY TAITRA (FONDS D'URGENCE)** : Ho tohizana ny fisitrahana ny fandraisana an-tanana ny voina mahazo ny vahoaka eny anivon'ny Hopitalim- panjakana sy ny Tobimpahasalamana manerana ny Nosy
- **FAHASALAMAN'NY RENY SY NY ZAZA LATSAKY NY 5 TAONA ARY NY ZOKIOLONA MIHOATRA NY 65 TAONA** : Hampiakarina ny taham- pandrakofana ny fanaovam-bakisiny ny zaza latsaky ny 5 taona sy ireo zaza izay tsy mbola nisitraka izany mihitsy, ny fijerena manokana ny Reny mitondra vohoka ary ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ireo Zokiolona.
- **FAHASALAMANA MANAKAIKY VAHOAKA**
- **TOLOTRA HO AN'NY VAHOAKA IFOTONY "CENTRE DE SANTÉ DE BASE"** : Tohizana sy ampiana ireo Distrika hampisitrahana ny tolotra fahasalamana manakaiky vahoaka.
- **CARAVANE MÉDICALE** : Andiany roa (2) farafakeliny ny fitsaboana ho tontosaina amin'ny alalan'ny hetsika "Rodorodon'ny Fahasalamana" tanterahana eny anivon'ny Faritra.
- **VARAVARANA MISOKATRA NA "JOURNEÉ PORTE OUVERTE" HO AN'NY FAHASALAMANA VOATOKANA (SOINS SPÉCIALISÉS)** : Tohizana sy ho ampiana ireo ezaka hampisitrahana ny vahoaka ny tolotra ara-pahasalamana isan-karazany eny anivon'ny Hopitalim-panjakana manerana ny Nosy.





# TETIARANA

*Ministeran'ny Fahasalamam-Bahoaka*





© Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka - Februdry 2025
SCM/DIRCOMM/MinSanP